2. Mino ve ianao fa raha misy mpamatsy vola vahiny iray, tena te hitondra asa fampanandrosoana ety aminareo dia METY hoe tena hanome vola anareo tokoa izy fa tsy karazana tetik'asa toy ny mahazatra toy ny fambolem-bary maoderina na tetik'asa fiompiana

tantely? / How plausible did you find the idea of a donor who is interested in development that would give you CASH instead of usual development projects (e.g. improved rice-growing technique)?

Refesina amina mari-drefy 1 ka hatramin'ny 5 (1: tena mino hoe tena hanome vola, 3: misalalsala, 5: tsy mino mihitsy hoe hanome vola izany ny Fanjakana au lieu de projet)

3. a. Manao ahoana ny fahatokisanao an'ilay rafitra mahaleo-tena na banky iray hanelanelana anao sy ilay Mpamatsy vola, izany hoe ilay hitantana sy afaka anokafanao ilay boatin-drakitra itehirizanao an'ilay vola? *Izany hoe matoky ve ianao fa ho ara-dalana sy tomombana tsara ny fitehirizany ny volanao? How much do you trust the independent institution which is to manage your money over time?*

Refesina amina mari-drefy 1 ka hatramin'ny 5 (1: tena tsy matoky, 3: misalalsala, 5: tena matoky)

b. Raha tsy matoky izy (1 na 2 amin'ilay mari-drefy), inona ohatra no rafitra hafa atokisany kokoa hitahiry ilay vola, izany hoe ilay mpanelanelana azy amin'ilay mpamatsy vola?

4. Raha nisafidy matetika ilay anano atiala malalaka: Mety azonao azavaina ve hoe inona no antony nisafidiana matetika ilay hoe anano atiala malalaka?
5. Raha nisafidy matetika ilay hoe tsy anano atiala mihitsy (migadra raha vao manano): Mety azonao azavaina ve hoe inona no antony nisafidiana matetika ilay hoe tsy hanano atiala mihitsy?

B. QUESTIONS MAHAKASIKA BELIEFS AND PERCEPTIONS

6. a. Mahita tombotsoa amin'ny fiarovana ny atiala ve ianao? Izany hoe mitondra raha tsara ho anao ve (na ny velontenanao) rehefa voaaro io atiala io? (coding eny = 1, tsia = 0, -98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana)

b. Raha eny, inona ohatra?

c. Tamin'iana nisafidy ve, nieritreritra anireo tombotsoa ireo ianao? (Coding eny = 1, tsia = 0, -98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana)

Do you perceive any benefits from forest protection? If yes, can you give examples? When you made your choices, did you take these benefits into account?

7. Mino ve ianao fa mihaino ny sosenkevitra izay avoakan'ny mpikaroka ny Fanjakana eo amin'ny politika apetrany hitantanana ny atiala? *Consequentiality of the valuation exercise: do you believe that the results of this research would be used to inform policy on forest conservation?*

Refesina amina mari-drefy 1 ka hatramin'ny 5 (1: tena tsy mino, 3: misalalsala, 5: tena mino)

8. Mino ve ianao fa mihaino anareo mponina ety ifotony ny Fanjakana eo amin'ny politika apetrany itantanany ny ala na eo amin'ny fanampiana anareo eo amin'ny famelomantenanareo? Ohatra hoe ny hetahetanareo mba ahazo fanampiana noho ny tsy fahafahanareo manano atiala intsony na izay hetahetanareo hafa? *How much do you believe you would be able to negotiate compensations / or any other requests with the government?* (i.e. be heard upon and responded to by the government)?

Refesina amina mari-drefy 1 ka hatramin'ny 5 (1: tena tsy mino, 3: misalalsala, 5: tena mino)

9. Araka ny hevitrao, inona no fomba / paikady mety sy mahomby entina mitantana ny atiala ary koa manampy ny sarambagem-bahoaka eo amin'ny fivelomana: Tsy maintsy hividy taratasy fahazoan-dalana ara-dalana afahafahanareo manano atiala ve sa rarana tanteraka ny teviaala ary omena tambiny na vola ianareo? (*Coding: 1= omena tambiny (vola na tetik'asa), 0= hividy alalana anano atiala, -98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana*). *In your opinion, which forest management policy do you think is more legitimate for the whole society: each household being paid not to do teviaala or everyone pays to be able to do teviaala?* (*coding: 1= being compensated for not doing teviaala, 0=pay and buy a teviaala permit, -98=I don't know, -99= the respondent doesn't want to answer*)

C. QUESTIONS MAHAKASIKA NY EXPERIENCES-NDRY ZAREO EO AMIN'NY FAMPIHARANA NY LALANA MANDRARA NY TEVIALA

10. Efa nisy ve olona tato an-tokantranonareo niditra am-ponja na voasazy nandoa lamandy noho ny fanaovana atiala? *Eny / Tsia*. (*Coding 98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana, Eny = 1, Tsia = 0*). *Is there in your family anyone which has been penalized because of teviaala practices? If yes, when, what was the sanctions?*

Eny (1) / tsia (0)

Raha "Eny", oviana?

Firy?

Inona ilay sazy? (nigatra nandritra ny, nandoa vola.....)

11. Misy olona fantatrao ve eto amin'ny fokontany na faritra misy anareo niditra am-ponja na nandoa lamandy noho ny resaka atiala? *Eny / tsia*. (*Coding 98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana, Eny = 1, Tsia = 0*). *In the village territory or the FKT, do you know anyone who have been imprisoned or who have incurred sanctions because of teviaala practices? If yes, When?*

Eny (1) / tsia (0)

Raha "Eny", oviana?

Firy?

Inona ilay sazy? (nigatra nandritra ny, nandoa vola.....)

12. a. Manao ahoana ny fiambenan'ny fanjakana na ny mpitantsoroka amin'ny fanjakana (NGAP) ny atiala amin'zao fotoana izao? (*This is only a dummy question to introduce 3b and 3c, write down any categorical answer, Ask the respondent to give examples of how strong or how weak it is*). Izany hoe matetika ve ny fisafoana, misy ve ny olona voasamboatra na voasazy vao haingana sns.
- b. Raha oharina amin'ny teo aloha, manao ahoana ny fiambenana an' io atiala io amin'izao fotoana izao? Nihamafy kokoa ve sa niha-malefaka kokoa sa mitovy ihany? Compared to now, how stronger or weaker was it in the past (*Le taloha resahana eto dia miankina amin'ilay agen-ilay mpamaly, mety io hoe 5 taona lasa, 10 taona lasa, 20 taona lasa, tsara anontaniana ilay mpamaly hoe taloha oviana ilay tiany zakaina*)? (Coding: -98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana, 2=mafy kokoa, 1=malefaka kokoa, 0=mitovy) *Tsara noter-na eo ambany ihany hoe taloha oviana no hi se referrervan'ilay adihadiana.*
- c. Araka ny fieritreretanao azy, mety anao ahoana ny fiarovana an'io atiala io amin'ny ho avy (ihamafy ve sa ihamalefaka kokoa sa mitovy amin'izao ihany)? Andeha ataontsika hoe hanao ahoana afaka 5 taona eo? In your opinion, do you think the protection will become stronger, weaker, or stay the same in the future, let's say in 5 years' time? (Coding -98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana, 2=mafy kokoa, 1=malefaka kokoa, 0=mitovy)

WILLINGNESS TO PAY QUESTIONNAIRE

WTP (izay en italique sy voatsipika dia fanazavana ho antsika interviewers fa tsy mila resahina ilay olona adihadiana)

Introduction (atao mialoha ny HH QUESTIONNAIRE):

- **FREE AND PRIOR INFORMED CONSENT (FPIC)**

Izahay dia mpianatra mpikaroka avy amin'ny Oniversiten'Antananarivo. Ny fianarana izay ataonay dia mikasika ny velontenantsika aty ambanivolo. Mety aharitra ora iray eo ny koranantsika. Ary hizara sokajy roa: Voalohany dia fanontaniana vitsivitsy mahakasika ny famelomantenan-dreo: fambolena, fiompiana, sy fivelomana hafa ataondreo itondrana vady aman-janaka, ary ny faharoa dia hanano karazana kilalaon-tsaina izay isika na an-kitsapaka, mbola mahakasika velon-tena ihany ary ho azavaiko misimisy rehefa avy eo. Ity pejy misy sary izay apetrakay aminareo ity moa dia manazava amin'ny antsipirihany hoe zovy moa izahay ary inona tsara ilay fikarohana ataonay (*project leaflet*). Aza manahy fa raha sendra tsy mahay mamaky teny moa isika ato antrano dia mbola ho azavainay misy² miandalana eto ihany ny ao anatiny.

Voalohany indrindra dia te ahafantatra izahay raha mazoto sy malalaka ianareo ikorana aminay. Ny resaka ifanaovantsika moa dia an-tsitrabo sy malalaka tanteraka fa tsy terena akory.

Rehefa manaiky izy:

Misaotra mialoha ny amin'ny finiavana asehonareo. Eny antenantenany eny, afaka manapaka mametraka fanontaniana ianareo na mangataka ny hijanona. Raha toa koa ka misy fanontaniana tsy tianareo ho valiana dia zonareo tsara ny mizaka hoe tsy hamaly ary dia afaka miroso amin'ny fanontaniana manaraka isika.

Mazava hatreto? Misy fanontaniana ve na fanamarihana?

- **REASSURE RESPONDENT ABOUT ANONYMITY**

Fantaro fa fianarana / fikarohana ity ataonay ity, ary afaka mahazo toky isika fa ny valinteny omentsika eto na ny momba momba antsika dia tsy hozarainay na amin'iza na amin'iza fa mijanona ho tsiambaratelo. Ho raketinay amin'ny fomba hafa kely hany ny valintenintsika ka tsy misy afaka ny hahalala hoe zovy no nizaka inona. Izahay rahateo moa tsy maka anarana na hoe laharana karampanondro izany. Afaka tena matoky isika noho izany fa tsy misy raha tokony ahavaka antsika ny koranantsika eto ary afaka tena mamboraka izay am-pontsika isika mahakasika ny famelomantenantsika. Tsara ny manarimaka fa ity fanadihadiana ity sy ny fitaovana ampiasainay dia tsy aty

amin'ny faritra misy anareo ihany no anaovanay azy fa efa nampiasaina tamin'ny faritra hafa teto Madagasikara hatrany ampitan-dranomasina.

- **WHAT IS RESEARCH?** (*Optional: Tsy voatery atao ety amboalohany fa afaka atao amin'ny farany koa na rehefa mametraka fanontaniana zareo ohatra hoe, inona ny voka-tsoa azo avy amin'ilay fanadihadiana, sns.*).

Izahay dia tena mpianatra / mpikaroka mahaleo-tena tanteraka ary tsy manao asa fampandrosoana. MARIHINAY fa izahay dia tena tsy misy ifandraisainy amin'ny ANGAP na ny fanjakana. Izany hoe tsy miankina amin'ny Fanjakana na koa hoe iraky ny Fanjakana ary tsy miara-miasa amin'ny NGAP fa MPIANATRA MPIKAROKA ihany, Izany hoe ny andraikitray dia azo lazaina ho mizara mizara dingana roa: 1) mangadihady sy mijery ny zava-misy ianantsika ety ifotony (tena mitety tokantrano tsiraikaraiky mht na lavitra na akaiky) ary rehefa vita izany dia 2) manoratra boky mikasika ny valimpikarohana ary manolotra soson-kevitra ny fanjakana sy ny sehatra iraisam-pirenena. Ary dia anjaran'ireo ny mandinika sy manantanteraka asa fampandrosoana. Izahay kosa tsy afaka ny ampanantena fa mandainga si izahay raha mizaka izany.

- **RANDOM SAMPLING OF HOUSEHOLD AT THE VILLAGE LEVEL** (*Optional: afaka rehefa manontany zareo hoe ahoana ny fomba nisafidianana ny tokantrano vao azavaina*)

Ity fangadihadiana ataonay ity dia isan-tokantrano, ny atao hoe tokantrano moa dia ireo olona iray tafo, iray mahandro, iray fivehomana. Sitrakay tokoa raha ny tokantrano rehetra eto xxx no adiadianay saingy ny fotoana moa voafetra sady izahay koa efatra mianadahy si dia voatery ampahany si no vitanay. Izahay tsy hoe nifidy ireo ampahany ireo na nanavakavaka fa nataonay ankitsapaka, toy ny natao tanaty satroka ny anaram-bositra fiantsoana dia izay voaray tao tokantrano adihadianay.

ETO MANOMBOKA ILAY CE:

Amin'ity dingana manaraka ity izany ity dia hiara haminavina toe-javatra maromaro isika, izany hoe hijery fanoharana izay miendrika kilalaon-tsaina na ankitsapaka isika, ireo fanoharana ireo dia mahakasika ny velontenantsika.

Na dia hoe hiresaka betsaka ny hoe Fanjakana na ANGAP isika (*na MNP izahay ahalalandry zareo azy ny national park*) anatin'ity kilalaon-tsaina ity dia MARIHINAY fa izahay dia tena tsy misy ifandraisainy amin'ny ANGAP na ny fanjakana fa mahaleo-tena tanteraka izahay. Ilay Fanjakana na ANGAP horesahanay ato anatin'ity fanoharana ity dia ohatra ihany ampaisainay amin'ity fianarana ity, fa tsy

hoe izahay akory no Fanjakana. Raha haka ohatra iray izao isika anazavainay izay hoe maha- maha mahaleo-tena anay izay dia sady tsy mandrara anareo hanano atiala ohatra izahay no tsy mandrisika anareo hanano atiala koa etsy andaniny. Izany hoe tsy miandany izahay.

Ampahatsiahiviny fa tena fianarana / fisapan-kevitra ihany ity ataontsika manaraka ity.

PLEASE, REMIND RESPONDENT ABOUT ANONYMITY HERE (LE HOE TSY MAKA ANARANA SY TAZOMINA HO TSIAMBARATELO NY KORANA, TSY MIVOAKA NY RINDRINA EFATRA).

Koa manentana antsika aho araka izany hilaza ny safidy izay tena andrian'ny saintsika.

⇒ **Remarque generale hafa hoe antsika interviewer:**

- Ilay raimpianakaviana no tena mila mamaly, afaka hoe eo koa ilay vadiny manampy azy fa izy no tompokevitra farany,
- Mila rassurer-na be zareo eny am-boalohany hoe tsy anelingelina ny asa fivelomany akory isika fa ny fivelomany hatrizay mbola afaka ataony foana ihany fa tena hoe ivelany na fanampiana ilay efa velontena si no resahantsika anatin'ity kilalaon-tsaina ity.
- Isaky ny miova choice card dia preciser-o tsara foana hoe hafa indray koa ity manaraka ity, tsy misy ifandraisany amin'ny teo aloha. Izany hoe asaina ataony toy ny mbola tsy nisafidy mihitsy izy teo aloha.
- Angamba tsara preciser-na koa amin'ilay tevala 1 ha hoe opportunité indray mandeha monja io fa tsy hoe isan-taona akory dia afaka ividy anio foana. Dia tahak'izany koa ilay voly vary teknika, fanampiana indray mitontona fa tsy misy foana akory isan-taona.
- Tsara koa preciser-na raha nisafidy ilay tsy manano atiala izy hoe mandrakizay izy io ho azy sy ny taranany tsy afaka ny hanano intsony mihitsy fa sao dia mbola manantena hoe mbola afaka hividy an'ilay tevala 1 ha any aoriana any.
- Eo amin'ilay fampidirana anle voly vary teknika, mila normaliser-na ihany le izy fa tsy afaka ny hitompo teny fatratra be isika hoe tena hamokatra be io. Mety au contraire aza mantsy mety ho ratsy be ny vokatra
- Mahakasika "affordability": (hoe takatry ny fahefa-mividy ve ilay izy sa tsia), isaky ny choice card (CC1 a CC6) raha ohatra izy nisafidy ilay mandoa vola dia mila anontaniana sy rappeler-na FOANA izy hoe izay atokisany fa tena laniny ihany no afaka safidiany.

1. Project:

Andeha ataontsika hoe te hanampy antsika ny Fanjakana eo amin'ny fivelomantsika kanefa tsy manana ny enti-manana anantanterahana an'izany. Andeha ary isika haminaviana hoe misy fahafahantsika mividy tetik'asa iray hanampiana ny fivelomantsika, ny Fanjakana dia hanampy antsika hitady mpandraharaha izay ahafahantsika mividy io tetik'asa io. Andeha ataontsika hoe voly vary teknika io tetik'asa io. Ao anatin'izany voly vary teknika izany dia misy masomboly voafantina anaovana andrana omena anao eo amin'ny 30 kapoaka (3 kopy) eo, izany masomboly voanfantina izany moa dia masomboly mety amin'ny tany aty. Ankoatran'io masomboly io dia misy koa ny zezika biolojika ary ny fanafody behatoka ilaina amin'izany ary koa ny fiofanana na fampianarana antsika izany teknika vaovao izany (izany hoe hisy mihitsy teknisiana ho avy aty aminao ampianatra anao izany teknika izany). Omena fitaovana madinidinika koa ianao toy ny angady, rateau, fourche, sns. Izy io moa dia mety aby na vary an-tanety na horaka ary ny TENA TANJONA AMIN'IZY IO DIA HITAZOMANA ILAY TSIRON-TANY (mba tsy malady masina³ ilay tany). Mazava tsara ve? Aseho azy le sary voly vary teknika. Mety misy asa tany sy asa angady (mamadika benja) mila ataonao mialohan'ny hambolena fa izany moa dia ho ampianarina anao (aseho azy ilay sary ambany ankavia (ecobuage).

Marihiko fa fanampiana amin'ny fambolena sy ny fivelomanao ihany ity voly vary teknika fa tsy hoe ny taninao rehetra akory dia tsy maintsy ho atao an'io jiahy, masomboly 32 kapoaka ihany koa aloha no andramana ho atao amin'ny taninao voalohany, ianao no misafidy ny toerana tinao anaovana azy.

Question mahakasika ny familiarite-any amin'ilay tetik'asa: Manao ahoana ny fahafantaranao mikasika an'io voly vary teknika io ("tavy boka"? Coding: (3: efa nanao mihitsy, 2: Efa nahita, 1: Efa nahare, 0: Sady mbola tsy nahita no mbola tsy nahare mihitsy)

Manao ahoana ny fahitanao an'io voly vary teknika io? Izany hoe matoky ve ianao fa mety ho tsara izy io ary afaka hanampy anao amin'ny fivelomanao?

Refesina amina mari-drefy 1 ka hatramin'ny 5 (1 tena tsy mino, 3: misalalsala, 5: tena mino)

Raha eny, mety mahaliana anao ve io tolotra voly vary teknika io? Izany hoe mety mazoto ve ianao hanefa vola mba ahazoanao an'io tolotra voly vary teknika io? (Coding -98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana, eny=1, tsia=0)

2. Introduire tevia

³ Ny vokatra moa dia tomanana ho eo amin'ny 1,5 a 2 tonnes per hectare eo (70 a 100 vata isaky ny hectare na ambioka 1 vata – verifier-o sao tsy mitovy, 1 vata akotry ~ 20 kg eo

Amin'ity manaraka ity indray, andeha isika haminavina hoe afaka mividy fahazoan-dalana hanano atiala ara-dalana amina faritr'ala eo amin'ny 1 hekara eo ianao, izy io izany dia sahala amin'ny ambioka vary iray vata (***aseho azy ilay sarina atiala***). Izy io izany dia ka tahaka ilay plan 5 taona sahala ny tamin'ny andron-dRatsiraka.

Izany hoe afaka mividy tany vaovao ianao, mbola malemy tsara ankoatr'ireo tany efa ananao toy ny jinjan-drazana sy ny tanimbolinao ianao. Marihiko fa izy io dia tsy mahakasika (tsy manova) ny fambolem-barinao amin'ny jinjan-drazana na taninao hafa fa FANAMPINY na TANY VAOVAO ankoatra ireo efa anananao.

Raha ianao izao no mahazo io fahazoana alalana ara-dalana anao atiala amin'io 1 ha io, dia inona no hambolenao eo? Mandritra ny firy taona eo io no hambolenao an'io alohan'ny amelanao azy hiala sasatra?

Mitohy ihany ilay kilalaon-tsaina an.

Raha ianao izao no misafidy hoe hividy ilay tany vaovao 1 ha sa ilay fanampiana amina voly vary teknika, inona no maharisika anao kokoa? Marihiko fa indray monja no afaka mividy an'io teviala 1 ha io ianao fa tsy iverina intsony amin'ny manaraka, dia toy izay koa ilay voly vary teknika, fanampiana indray mandeha mitontona izy io fa tsy ho azonao isan-taona akory.

| A | B |
|--------------|-------------------|
| Teviala 1 ha | Voly vary teknika |

Ary raha izao indray ny safidy manoloana anao: hoe hanefa vola dimy hetsy ariary (500,000) dia ahazo ilay tany vaovao 1 ha sa handoa vola 100,000 ariary dia ahazo ilay tolotra voly vary teknika, inona no safidinao⁴? Marihiko fa afaka efainao rehefa miaka-bokatra ny vola. Hisy rafim-panjakana andoavanao izany vola izany, marihiko fa hisy koa rafitra tsy miankina anara-maso izany mba ampangarahara azy tanteraka.

| A | B |
|--------------------------------|--|
| Manefa Vola: 500,000 Ar | Manefa Vola: 100,000 Ar |
| Mahazo anilay teviala 1 ha | Mahazo ilay fanampiana amina voly vary teknika |

Andeha hotohizantsika ihany ity kilalaon-tsaina ity. Hisy fanoharana be dia be hojerentsika ka fantaro fa izy ireo dia tsy mifampiankina fa samy hafa aby, izany hoe ilay safidinao amin'ilay fanoharana voalohany teo dia tsy voatery hitovy ary tsy misy ifandraisany amin'izay manaraka eo (***mbola mila averina azavaina indray ity rehefa isaky ny miova ilay choix atolotra azy.***

⁴ Raha tena tsy mety misafidy mihitsy izy de lazao hoe andeha ataontsika hoe raha ohatra ka anananao le enti-manana andoavana ireo vola, inona amin'ireo no tinao?

3. Introduire teviaala malalaka

Amin’ty manaraka ity indray, fantaro fa mety misy fahafahanao mividy fahazoan-dalana hanano atiala malalaka tsy misy fepetra, izany hoe tsy voafetran’ily 1 ha teo aloha. Izany hoe tsy misy intsony ny ANGAP na Fanjakana hiaro ny ala. Mitovy amin’ny plan 5 taona tamin’ny andron-dratsiraka fa saingy mila manefa vola amin’ny fanjakana ianao mba ahazoanao io alalana ara-dalana io. Aseho azy ilay sary. Andeha hotohizantsika ihany ity fanoharana ity, hafa indray koa ity manaraka ity, tsy misy ifandraisany amin’ny teo aloha teo.

4. Introduire an example of choice card

Inona indray no tianao amin’ireto safidy manaraka ireto? Marihiko izany fa amin’ity indray mitoraka ity dia **IZAY AZONAO ANTOKA FA VITANAO NO IDIRANAO**. Izany hoe izay tena atokisanao hoe tena ho voaloanao tokoa (amin’ily ohatra eto ambany izao dia hoe tena laniny tokoa ve ilay andoa 5 alina sy iray hetsy isan-taona mandritra ny 20 taona). Marihiko hatrany fa afaka efainao rehefa miakaboatra ny vola.

| A | B | C |
|--|------------------------------------|--|
| Manefa Vola: 3 tapitrisa Ar | Manefa Vola 500,000 (5 hetsy Ar) | Tsy misy vola alohanao ary tsy mahazo alalana anano atiala ianao (mihidy tanteraka ny atiala – misy miaramila mpiambina ao) – <u>aleo ity tsy dia negativiser-na be fa azavaina hoe ato ry zareo mbola afaka mamondro (manofa) na miarana na mividy tany amin’olona fa tsy afaka manano atiala fotsiny</u> |
| Afaka aloha anatin’ny 20 taona (5 alina sy 1 hetsy isan-taona) | Aloha indray mandeha monja | |
| Tsy misy ilay tetik’asa voly vary teknika | Mahazo tetik’asa voly vary teknika | |
| Malalaka ny teviaala | Mahazo anilay teviaala 1 ha | |

- i. Raha nanao safidy an-tsitrabo izy tsy mila noterena dia iny izany no choix ampidirina anaty fichier excel. Indraindray nefa lazainy fa tsy misy tiany ilay alternative telo atolotra azy ka raha sendra an’izay dia ilay alternative hoe mijanona amin’izao, mihidy tanteraka ny atiala no recorder-na ary asiana asterisk (eto izao dia “C*”) - (rehefa mampiditra data dia 0 izy rehefa choix an-tsitrabo fa 1 izy rehefa safidy noterena)

*Raha mazoto ny hividy ilay fahazoan-dalana ilay tokantrano dia miditra amin’ny 5:

5. Introduire timeframe

Raha ianao indray izao no maniry hividy io taratasy fahazoan-dalana manano atiala malalaka io. Iza no tianao? Hanefa vola 1,500,000 ariary anatin'ny 20 taona ve (7,5000 na dimy arivo sy fito alina) sa handoa 1,000,000 ariary anatin'ny 10 taona (100,000 ar) isan-taona.

| A | B |
|---|--|
| Manefa vola 1,500,000 Ar | Manefa vola 1,000,000 Ar |
| Aloha anatin'ny 20 taona (75,000 na dimy arivo sy fito alina) | Aloha anatin'ny 10 taona (100,000 ar) isan-taona |
| Mahazo an'ilay fahazoan-dalana hanano atiala malalaka | |

Fanamarihana: Fantaro fa raha tsy nahazo an'ilay alalana manano teviala ianao kanefa manano na dia 1 ara monja aza dia tamy ity rangaha (statuette miaramila) hisambotra anao (*sady aseho azy ilay miaramila*) ary dimy taona am-ponja farafahakeliny ny sazy miandry anao. Torak'izany koa, raha ohatra ianao misafidy an'ilay hoe mahazo alalana ara-dalana anano atiala amina 1 ha kanefa mihoatra anio fepetra 1 ha io na koa manao any ankafa tsy nahazoana alalana dia miditra am-ponja avy hatrany mandritra ny dimy taona farafahakeliny, izany hoe hisy mpanara-maso akaiky (*tondroina ilay statuette miaramila*) ny atiala.

Marihiko koa fa amin'ilay hoe tsy mahazo alalana anano atiala na dia 1 ara monja aza dia ihatra mandrakizay izy io, izany hoe tsy afaka ny anano atiala intsony mihitsy ianao ary tsy afaka ny hanantena hoe aoriana kely ao mety mbola afaka hanano fa hikatona tanteraka mandrakizay io atiala io ary mety hisy mihitsy aza miaramilam-panjakana hatry ao anaty ala ao hiambina an'io.

Ao tsara ve hatreto? Misy fanontaniana? Raha tsy misy dia hotohizantsika foana ihany ty kilalaontsaina ity an. Aza adino fa mbola ato anatin'ialy kilalaon-tsaina foana isiska izao.

Averiko hatrany fa ny valinteny omentsika eto na ny anarantsika dia ho tsy hozaraina na amin'iza na amin'iza ary ho raketiny amin'ny fomba hafa kely hany ka tsy misy afaka ny hahalala hoe iza no nizaka inona. Koa manentana antsika aho araka izany hilaza ny safidy izay tena andrian'ny saintsika.

COMPREHENSION AND CERTAINTY

Comprehension codes (likert scale 1 to 5) – For the overall CE exercise – izany hoe am farany vao refesin’ny interviewer)

- 1: Tena tsy mahazo mihitsy. Tena tsy mety mihitsy
- 2: Vita ihany le choix rehetra fa betsaka ny diso, betsaka ny tsy azony
- 3: Netinety, azony ny ankapobeny fa hoatry ny nisy diso, nisy tsy azony ihany ny details
- 4: Azony ny zava-dehibe sady azony ilay details, amin’ny ankamaroany
- 5: Tena parfait, ao tsara, azony tsara daholo na ny ankapobeny na ny details

Certitude codes (isaky ny choice card ianao ry mpanao enquete no mila mandrefy azy ity)

- 1: Raha tena niasalasa be, ela be izy, sady niova ny choix-ny, mety hoe alternative A dia niova B avy eo dia sady mamerina manontany indray izy, ety tsy mahavita misafidy mihitsy izy
- 2: Niasalasa koa izy sady manontany zavatra, sady somary mila presser-na izy vao manao safidy sdy mety mbola mifindra
- 3: Niasalasa sady manontany fa rehefa nifidy izy dia hoatry ny resy lahatra ihany (fa ela2 vao nifidy)
- 4: Niasalasa kely,
- 5: tena tsy niasalasa mihitsy fa vao vita ny fanazavana dia nisafidy haingana

REHEFA VITA NY CHOICE CARDS:

Amin’ity farany ity indray dia fantaro fa mety misy koa tetik’asa telo hafa ankoatr’ily voly vary teknika afaka anampy anao amin’ny fivelomanao ary afaka vidinao amina mpandraharaha iray izay miaramiasa amin’ny Fanjakana. Izany hoe tetikasa afaka ANAMPIANAO ny fivelomanao izy io fa tsy hoe asolo ny velon-tenanao amin’izao akory (*Mila azavaina tsara hoe ankoatry ny velon-tena efa ataondry zareo amin’izao izy ireto fa tsy hoe asolo ny velontenany akory, izany hoe mbola afaka mamboly foana ry zareo*):

- **Fambolena ovy voly maoderina:** masomboly voafantina (6 a 8 ovia) sur un are) miampy ny fitaovana sy ny zezika ary ny fiofanana ilaina amin’izany. Amin’ny maha hoe masomboly voafantina sy fambolena maoderina azy moa dia mety mahatratra 5 à 12 tonnes à l’hectare ny vokatra.

- **Fiompiana akoho maoderina:** Akoho gasy vita vaksiny, salama tsara, miisa 5, 1 lahy, 4 vavy, miampy fiofanana sy fitaovana ary ny sakafo sahaza azy ireo mandritra ny telo volana. Anamboarana fahitra (tranony)
- **Fiompiana tantely maoderina:** vata maoderina miisa roa, miampy ny renin-tantely sy ny fisarihana ny tantely sy ny fitaovana hafa rehetra ilaina miampy ny fiofanana mandra-pioty vokatra. Hisy teknisiana ampianatra.
- **Voly vary teknika ve:** masomboly voafantina eo amin'ny 8 kg eo, miampy zezika sy fanafody bibikely ary fitaovana entinao miasa ny tany ary koa fiofanana ampianarana anao izany teknika vaovao izany, ny tanjona dia itazomana ny tsiron-tany mba tsy halady ho masina ny tany. Tahak'izao ny mety ho paozin'izany voly vary teknika izany (aseho sary), mety misy asa tany mila ataonareo mialoha.

Raha misafidy ianao hoe inona amin'ireto tetik'asa efatra ireo no mahaliana anao entinao manampy ny fivelomanao? Raha alahatra dia iza amin'ireo no tianao indrindra ary iza no tsy tinao indrindra?

FOLLOW-UP QUESTIONS

D. QUESTIONS MAHAKASIKA ILAY FANO HARANA / KILALAON-TSAINA NATAONTSIKA TEO:

1. a. Raha ataontsika hoe mahazo ilay fahazoan-dalana hanano atiala malalaka iny ny tokantranonao (izany hoe foana hatreo ny NGAP ary tsy misy fanjakana manara-maso intsony) dia mbola misy ve fitsipika ety ifotony izay mifehy hoe aiza ianao no afaka manano atiala? Izany hoe mbola misy ve ny sakana na fitsipika amintsika samy isika ety ifotony sa anara-po tokoa ianao? *Would there be still any traditional rules regulating teviaia in the free teviaia scenario where the government is not present?* (coding eny = 1, tsia = 0, -98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana)
 - b. Raha misy fitsipika ifotony, inona izy io? (raiso naoty izay lazainy, raha tsy omby moa ny palce dia ao amin'ilay espace hoe fanamarihana)
 - c. Niova ve io fitsipika ety ifotony io sa hoatr'izay foana taloha? *Have these rules changed compared to before?* (coding eny = 1, tsia = 0, -98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana)
2. Tanatin'ilay kilalaon-tsaina teo isika dia niresaka hoe hoe Fanjakana hamarotra an'ilay taratasy fahazoan-dalana anano atiala mba hanampiana antsika amin'ny velontenantsika: METY tena ho tanteraka ve izany araka ny hevitrao? *Likelihood of the State selling permit in the valuation exercise:* How plausible did you find the idea of the government selling you a permit to do teviaia to help you with your livelihoods?

Refesina amina mari-drefy 1 ka hatramin'ny 5 (1 tena tsy mino hoe ho tanteraka izany, 3: misalalsala, 5 tena matoky hoe ho tanteraka izany).

3. Andeha ataontsika hoe nahazo ilay taratasy fahazoan-dalana ara-dalana hanano atiala ianao, matoky ve ianao fa ho hajain'ny Fajakana izany fahazoan-dalana malalaka izany? Izany hoe hanan-kery foana ilay taratasy azonao / hitohy mandrakizay izany? *If the government had sold you permit, would you trust the government to honour that permit forever?*

Refesina amina mari-drefy 1 ka hatramin'ny 5 ((1: tena matoky, 3: misalalsala, 5: tena tsy matoky).

4. Raha nisafidy matetika ilay anano atiala malalaka: Mety azonao azavaina ve hoe inona no antony nisafidianao matetika ilay hoe anano atiala malalaka?
5. Raha nisafidy matetika ilay hoe tsy anano atiala mihitsy (migadra raha vao manano): Mety azonao azavaina ve hoe inona no antony nisafidianao matetika ilay hoe tsy hanano atiala mihitsy?

E. QUESTIONS MAHAKASIKA BELIEFS AND PERCEPTIONS

6. a. Mahita tombotsoa amin'ny fiarovana ny atiala ve ianao? Izany hoe mitondra raha tsara ho anao ve na ny famelomantenanao rehefa voaaro io atiala io? (coding eny = 1, tsia = 0, 98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana)

b. Raha eny, inona ohatra?

c. Tamin'ianao nanao ireo safidy teo ireo ve, nieritreritra anireo tombotsoa ireo ianao? (coding eny = 1, tsia = 0, 98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana)

Do you perceive any benefits from forest protection? If yes, can you give examples? When you made your choices, did you take these benefits into account?

7. Mino ve ianao fa mihaino ny sosenkevitra izay avoakan'ny mpikaroka ny Fanjakana eo amin'ny politika apetrany hitantanana ny atiala? *Consequentiality of the valuation exercise: do you believe that the results of this research would be used to inform policy on forest conservation?*

Refesina amina mari-drefy 1 ka hatramin'ny 5 ((1: tena tsy mino, 3: misalalsala, 5: tena mino))

8. Mino ve ianao fa mihaino anareo mponina ety ifotony ny Fanjakana eo amin'ny politika apetrany itantanany ny ala na fangatanareo mikasika velon-tena? Ohatra hoe ny fanirianareo mba hividy fahazoan-dalana ara-dalana hanano atiala na izay hetahetanareo hafa mba hanatsarana ny fivelomanareo? How much do you believe you would be able to negotiate teviaala permit / or any other requests with the government (i.e. be heard upon and responded to by the government)?

Refesina amina mari-drefy 1 ka hatramin'ny 5 (1: tena tsy mino, 3: misalalsala, 5: tena mino)

9. Araka ny hevitrao, inona no fomba / paikady mety sy mahomby entina mitantana ny atiala ary koa manampy ny sarambabem-bahoaka eo amin'ny fivelomana: Tsy maintsy hividy taratasy fahazoan-dalana ara-dalana afahafahanareo manano atiala ve sa rarana tanteraka ny teviaala ary omena tambiny: tetikasa na vola ianareo? (coding: 1= omena tambiny (vola na tetik'asa), 0= hividy alalana anano atiala, 98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana).

F. FANONTANIANA MAHAKASIKA NY EXPERIENCES-NDRY ZAREO EO AMIN'NY FAMPIHARANA NY LALANA MANDRARA NY TEVIALA

10. Efa nisy ve olona tato an-tokantranonareo niditra am-ponja na voasazy nandoa lamandy noho ny fanaovana teviaala? *Eny / Tsia. (Coding -98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana, Eny = 1, Tsia = 0). Is there in your family anyone which has been penalized because of teviaala practices? If yes, when, what were the sanctions?*

Eny (1) / tsia (0)

Raha "Eny", oviana?

Firy?

Inona ilay sazy? (nigatra nandritra ny, nandoa vola.....)

11. Misy olona fantatrao ve eto amin'ny fokontany niditra am-ponja na nandoa lamandy nandritra izany vanim-potoana izany? *Eny / tsia. (Coding -98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana, Eny = 1, Tsia = 0). In the village territory or the FKT, do you know anyone who have been imprisoned or who have incurred sanctions because of teviaala practices? If yes, When?*

Eny (1) / tsia (0)

Raha "Eny", oviana?

Firy?

Inona ilay sazy? (nigatra nandritra ny, nandoa vola.....)

12. a. Manao ahoana ny fiambenan'ny fanjakana na ny mpitantsoroka amin'ny fanjakana ny atiala amin'zao fotoana izao? *(This is only a dummy question to introduce 3b and 3c, write down any categorical answer, Ask the respondent to give examples of how strong or how weak it is). Izany hoe matetika ve ny fisafoana, misy ve ny olona voasamboatra na voasazy vao haingana sns.*

b. Raha oharina amin'ny teo aloha, manao ahoana ny fiambenana an' io amin'izao fotoana izao? Nihamafy kokoa ve sa niha-malefaka kokoa sa mitovy ihany? Compared to now, how stronger or weaker was it in the past (*Le taloha resahana eto dia miankina amin'ilay agen-ilay*)

mpamaly, mety io hoe 5 taona lasa, 10 taona lasa, 20 taona lasa, tsara anontaniana ilay mpamaly hoe taloha oviana ilay tiany zakainy)? (Coding: -98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana, 2=mafy kokoa, 1=malefaka kokoa, 0=mitovy) Tsara noter-na eo ambany ihany hoe taloha oviana no hi se referrervan'ilay adihadiana.

c. Araka ny fieritreretanao azy, mety anao ahoana ny fiarovana an'io atiala io amin'ny ho avy (ihamafy ve sa ihamalefaka kokoa sa mitovy amin'izao ihany)? Andeha ataontsika hoe hanao ahoana afaka 5 taona eo? In your opinion, do you think the protection will become stronger, weaker, or stay the same in the future, let's say in 5 years' time? (Coding -98= tsy fantatro, -99= tsy te hamaly ilay olona adiadiana, 2=mafy kokoa, 1=malefaka kokoa, 0=mitovy)

CHOICE EXPERIMENT SURVEY IN PRACTICE

